i Mpaminany (S.A.W) dia miteny eo anelanelan'ny fiankohofana roa hoe : "Allahomma- ghfirlì, warhamnì, wa à'finì, wahdinì, warzoqnì

Tatitra azo avy amin'i Ibn Abbas (R.A) : i Mpaminany (S.A.W) dia miteny eo anelanelan'ny fiankohofana roa hoe : "Allahomma- ghfirlì, warhamnì, wa à'finì, wahdinì, warzoqnì".

[Tsara miaraka amin'ny porofo hafa] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì, Ibn Màjah ary Ahmad]

i Mpaminany (S.A.W) dia mangataka eo anelanelan'ny fiankohofana roa amin'ny Soalat amin'ireto fangatahana dimy izay tena ilain'ny mpino ireto, izay mandrakotra ny hatsarana eto an-tany sy ny any an-koatra, fangatahana famelan-keloka sy sy fanafoanana ny ota ary ny fanambelana izany, ary fangatahana indrafo, sy ny fiarovana amin'ny fakam-panahy ary ny aretina, ny fangatahana ny fahitsina sy ny fifikirana amin'izany ary ny anjara amin'ny finoana sy ny fahalalana ary asa soa sy ny harena madio.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/10930